


**Fitaovana ilaina amin'ny fampianarana momba  
ny ankomba samihafa anaty ala ny Marojejy,  
Anjanaharibe-Sud sy Makira**



*Alohy atsika jiaby hianatra momba ny ankomba! Amizainy atsika mahavita miaro azy niany, sady tsy ho losombalana zareo amarainy!*

Rachel Kramer/Peace Corps Environment Sector



# TANTARA NY MADAGASIKARA

---



Na dia 500 km eo ho eo fotsiny avy amin'ny morontsiraka atsinànana Afrika aza i Madagasikara, dia nitoka-monina ara-jeografika mihoatra ny 160 tapitrisa taona. Ka noho izany, ny ankamaroan'ny zava-maniry sy ny biby dia nivoatra tanteraka ivelan'izao tontolo izao ka tsy misy raha tsy eto Madagasikara.

Ao amin'ny nosin'ny Madagasikara, misy karazan'ala mando sy maina ao, ka manahaka tsilobe ny zava-maniry sasany ao. Ny sivy ampahafolon'ny karazam-biby sy ny zava-maniry anaty ala dia eto Madagasikara ihany no ahitana azy.

Ny biby malaza indrindra eto dia ny ankomba. Mpihavana ny rajako sy ny gorilla ary ny ankomba. Misy maro karazana ny ankomba anatin'ny alan'i Madagasikara. Ny simpona fotsy (*Propithecus candidus*) efa karazan'ny ankomba sasitra be sy manan-jina be no hita anaty karazan'ala mando an'tanety be. Kely sisa no tavela amin'ny ala mando atsinanana, ary mitsitokotoko ho ala kely hodidin'ny tanety izy ireo.

Ny loza mitatao amin'ny ankoma sady amin'ny biby sy ny zava-maniry samihafa eto Madagasikara, dia ny doron-tanety sy ny fandripahana atiala tsy voatagna hoan'ny famboliagna. Na ny fihazagna komba anatin'ny atiala voaharo karaha ny faritra Makira.



Ny tevyala amin'ny faritra Makira.

# NY ANKOMBA ETO MADAGASIKARA

---



Sary: Karazana ankomba tena lehibe taloha, no lany tamingana.

**Amin'ireo karazana ankomba 86, dia misy tsy hita intsony afa tsy eto Madagasikara sy Comores ihany.** Noho ny toetr'andro ara voajanahary sy ny fandroana ary fanimbàna ny ala (tavy), ny fihazàna ataon'ny olona, dia ankomba maro no tandindomin-doza amin'izao fotoana izao, ary ho lany tamingana.

Teo amin'ny 2000 taona eo ho eo no nahatongavan'ny olona voalohany tany Madagasikara : **karazana ankomba tena lehibe miisa 17 izay misy mahatratra hatramin'ny 200 kg ny lanjany, no lany tamingana.**

# TOETOETRIN'NY ANKOMBA

---

*Inona no mahatonga zavadehibe ny ankomba amin'tsika eto Madagasikara?*

- Mitovy vatana ny lahy sy ny vavy
- Ny vaviny no mahery kokoa noho ny lahiny amin'ny komba sasany
- Maro karazany ny toetry ny fiarahamonina:
  - Vady iray ihany – Lahy sy vavy maro miaraka
  - Misy maromaro miala ny namany rehefa afy eo miverina indray
  - Misy mandeha irery



- Ambony ny santapahafatesan'ny zanany
- Misy karazana mandeha:
  - 1.Amin'ny antoandro
  - 2.Amin'ny alina
  - 3.Alina no atoandro
- Firaisana tsy maharitra 4 ora ka hatramin'ny 48 ora isantaona!

# NY SIMPONA FOTSY

Marojejy, Anjanaharibe-Sud, Makira



Ny Simpona fotsy (*Propithecus candidus*) dia anisan'ireo telo karazana ankomba izay vitsy dia vitsy eto Madagasikara, miaraka amin'ny Sifaka Perrier sy ny Grand Lemurien des Bambous. **Ny Simpona fotsy dia tsy hita afa tsy any amin'ny sisin'ny alan-javaboahary Marojejy sy Anjanaharibe-Sud sy Makira, avaratra atsinanan'ny Madagasikara.**

Araka ny tombatombana, dia vitsy dia vitsy no tavela : zato ka hatramin'ny arivo. Amin'ny karazana “primates” 600 ankaotran'ny olom-belona dia voalaza fa ny Simpona fotsy dia iray amin'ireo biby “primates” 25 tandindomin-doza erak'izao tontolo izao, noho ny havitsiany, sy ny akelin'ny toerana misy azy, ary ny fandrahonana tsy miato.

Ny Simpona fotsy dia miaina tsiroaroa ka hatramin'ny sivy, izay misy lahy sy vavy lehibe, milanja hatramin'ny 7 kg ny iray. Amin'ny andro mazava ihany no mavitrika izy ireo ary afaka mifindra haingana amin'ny hazo amin'ny alalan'ny famikirana sy fitsambikinana izay ampiasany ny feny matanjaka izay mahatratra 35% mihoatra ny tãnany ny halavany. Isan'andro dia mahavita halavirana hatramin'ny 7 km eo ho eo izy ireo, amin'ny faritra mirefy 44 ha misy azy.

Tsy mitovy ny halavirana izay ataony isan'andro : mijanona eo amin'ny 15 min ka hatramin'ny 3 ora izy ireo miala sasatra sy misakafo. **Ny biby izay mihinana ravina, ohatry ny Simpona fotsy dia mila fotoana betsaka hialana sasatra mba handevonany ny sakafony. Ny foto-tsakafony dia ravina, fa mihinana voankazo sy vonikazo kelikely ihany koa izy. Matetika amin'ny voankazo, dia ny voaniny mafy ao anatiny no tiany noho ny nofony malemilemy. Indraindray izy dia mihinana tany izay mety misy mineraly ary koa manampy azy mamono ny otrik'aretina.**

Na dia tsy dia misy elanelany firy aza ny haben'ny lahy sy ny vavy efa lehibe, ary ambany dia ambany ny sahalan'ny fahasiahana ao amin'ny tarika, ny vavy no mahazo misakafo voalohany izay vao ny lahy, ary afaka manaikitra (indraindray) ary mikapoka ny lahy mandritry ny sakafo izy. Ny Simpona fotsy lehibe sy tanora dia mandany fotoana betsaka miara milalao eny ambony hazo sy eny amin'ny tany. Afaka mifanenjika sy mifampitolona mandritry ny ora iray izy ireo ampilalaovana.

**Ny Simpona fotsy dia mifampiresaka sy mifandray amin'ny alalan'ny feo sy ny fofona.** Karazana feo folo samihafa arakaraka ny zava-miseho ara-tsosialy sy ekolojika no hifampiresahana. Ny lahy sy ny vavy dia mamela ny fofony eny amin'ny hazo amin'ny alalan'ny marika. Na lahy na vavy dia mamela ny fofony amin'ny alalan'ny taovapananahany, fa ny lahy ihany no mamela ny fofony amin'ny tratra.



Ny famelàna fofona (indrindra eo amin'ny lahy) dia mitombo be dia be mandritry ny fotoana fananàhana (Novambra-Janoary). Ohatry ny rajako rehetra, ny Simpona fotsy dia mijery ny fotoana manokana amin'ny hamokarana na hanaovana firaisana, andro vitsy ao anatin'ny taona, hiterahana indray mandeha isaky ny roa taona eo ho eo.

**Ny olombelona (*Homo sapiens*) sy ny fosa (*Cryptoprocta ferox*) no tena mpandripaka ny Simpona fotsy.**

# TANTARA NY SIMPONA FOTSY NITEN'NY TANGALAMENAN'I ANSAHABE-ANDAPARATY/MAKIRA

---



## Lesona

*Marina sa diso ny information nitenen'ny tangalamena avy any amin'ny Makira Protected Area, momba ny simpona fotsy?*

---

## TANGALAMENA 1

Raha ny simpona eto Andaparaty indray noho asiana resaka dia toy izao:

Araka ity ray amandreny ity ihany dia efa nahita simpona izy. Efa tany amin'ny tany misy lasin'ny RABESON indrindra no nahitany azy tamin'izany. Tamin'ny taona 1960 tany hoany no tena natetika nahita simpona izy. Mahatetika tarika 15 no hitany tamin'izany. Raha ampitahaina dia ny simpona no anisan'ny be indrindra amin'ny ankomba fahitany.

Nilaza koa ity olona ity fa tsy ny simpona no misy jina fa ny toerana misy azy. Izany no mahatonga ny olona mitady azy rehefa tsy mahita dia voatery mampiasa tantely. Io tantely io hono no entina manala fady rehefa misy zavatra tsy fantatra mikasika ny tany misy azy. Ny toetrany io simpona io koa dia tsy mba miova lalana. Na mahita olona izy rehefa mijanona amin'ny lalana handehanany ilay olona dia voatery izy mandroaka an'ilay olona satria tsy maintsy io ny lalana. Ary rehefa masiaka hono izy io dia tsy maintsy izy rehetra no manatona.

Hatramin'izay ka hatramin'izao dia tsy mbola nisy olona sahy nihaza simpona eto Andaparaty. Izany no mahatonga ny olona eto Andaparaty tsy be mahafantatra an'io ankomba fotsy io. Misy olona efa antitra be eto Andaparaty fa mbola tsiary nahita simpona.

---

## TANGALAMENA 2

Araka ity ray amandreny ity indray dia toy izao:

Io simpona io hono hatramin'izay ka hatramin'izao dia efa sasatra, izany hoe tsy fahita matetika raha ny eto Andaparaty no resahina. Izany hoe tsy maro izy satria tsy mahay mitaiza no sady tsy vanona.

Nefa izy hono no mpanjakan'ny ankomba rehetra misy ao anaty ala. Izy hono dia afaka mamory ankomba maro karazan'ny mihisa 70 any hoany. Izany hoe raha ohatra ka misy ankomba mihoatra ny 50 amin'ny toerana iray indray miaraka dia tsy maintsy misy simpona ao satria izy hono no mampivory azy ireny.

Avy eo indray isan' taona ihany hono io simpona io miteraka. Ary ny tena mampivaoka ny simpona amin'ny ankomba sasany hono hoy ity ray aman'dReny ity dia ny fahaizan'ny manonona ny anarany. Izany hoe rehefa mambokona ilay izy dia manonona ny anarana.

---

## TANGALAMENA 3

Raha mikasika ny simpona indray dia tsy betsaka ny zavatra fantany fa araka ny lovan-tsofina dia miafona be hono io simpona io.

Ary raha mbola ankomba dia tsy misy aingampandeha mihoatra ny simpona, na ambony hazo na eny ambony tany. Tsy toy ireny ankomba sasany mahatahotra olona ireny ny simpona, izy rehefa mahita olona dia manatona ary tena masiaka mihitsy. Hoarin'olona amin'ny tsikelabatra ireny ny hafenganam-pandehan'ity simpona ity.

Araka ity Ray amand-Reny ity dia an isan'ny karazam-barika tsy vanona indrindra ity simpona ity satria tsy betsaka toy ireny ankomba hafa ireny izy. Ary tsindriana mafy fa tsy fiazana velively hono no naha tsisy azy fa efa rahatrizay izy no sasatra. Ny tsy fantatra tsara hoe tsy mahay mitaiza marina ve ilay izy? Sa any amin'ny toerana tsy mbola nalehan'olona any no misy azy betsaka.

Rehefa dinihina tsara hoy ity Ray aman-dReny ity dia misy ifandraisany tsara ny tanety Andapa sy Anjanaharibe Sud, ka mety taranaka iray ihany ireo simpona ao Andapa sy eto Anjanaharibe Sud ireo. Ary ny simpona avy ao Anjanaharibe Sud no midina ao Anahabe ireo. Ireto avy hoy ity olona ity no zavatra tena hitany mampivaoka ny simpona amin'ny ankomba hafa: -ny lokony -malaky -tsy mandeha irery -ngeza -tsy mahataotra olona.

Tany amin'ny taona 1980 tany ity ray amandreny ity no nahita simpona farany.



---

## TANGALAMENA 4

Mbola tamin'ny fahatanorany ity Ray aman-dReny ity no nahita simpona farany. Ary tany amin'ny faritra Andapa no nahitany izany. Efa mahatetika izy nahita fa tsy mbola nihoatra ny sivy ary tsy mbola latsaky ny roa ny iray tarika fahitany.

Araka ny fahalalany azy aloha dia tsy mbola nisy olona nilaza nahita simpona betsaka. Izany hoe efa rahatrizay ny simpona no tsy betsaka. Araka ny fahitany azy koa tsy matetika miteraka izy io ary tsy mahay mitaiza. Ny maresaka no zavatra tena tsy tian'ny simpona indrindra. Mino ity ray amandreny ity fa ny fahavitsiany no mahatonga azy sarotra tadiavina. Vitsy izy nefa be na midadasika ny toerana ampy iveloman'ny iray tarika.

Marihina fa fotsy be ny lokon'ny simpona. Mahatetika ny olona manao lamba fotsy no atonony. Izany hoe na tsy mahita azy ny olona rehefa manao lamba fotsy dia atonony. Noho izany raha te-ahita azy ianao dia manao lamba fotsy amin'ny izay lasa izy indray no te ahita anao.

Ary manaraka dia tsy mba mambokona ambony ny simpona fa ambanibany eny ihany. Izy no nahatonga ny anarana. Izany hoe rehefa manbokona izy dia manokona Simpona.

Tany amin'ny 1935 izy no nahitana ny simpona voalohany!

# NY BABAKOTO

Anjanaharibe-Sud, Makira

---



Ny Babakoto amin'ny faritry Makira dia mainty be.

Ny babakoto dia karazana komba farany kay kanefa mbola misy sady tsy miova endrika teto ambony tany hatramin'ny izao. Ny babakoto dia karazana biby “primate” zany hoe mitovy karazana sy fomba amin'ny olona.

Ny vilaran-tany misy babakoto eto Madagasikara dia ny faritra Betsimisaraka manontolo manomboka amin'ny faritra Makira sy Anjanaharibe-Sud amin'ny avaratra ary any amin'ny faritany Toamasina ny atsimo. Ny babakoto any atsimo dia fotsy ny feny ny tanany ary ny tampon'dohany. Fa ny aty avaratra, dia mainty manontolo, afa tsy ny ao amin'ny vodiny misy fotsy.

Tsisy afa tsy amin'ny atialan'ny atisanana sy ny avaratra-atsinanana amin'ny Madagasikara izy. Tsisy babakoto amin'ny Masoala ndraiky Marojejy. Talohan'ny niavian'ny olona teto Madagasikara, dia nisy babakoto maro tamin'ny ity nosy ity, ary ny haragna taholana dia hita any avaratra Ankarana Ambilobe.

Ny babakoto efa tapi-tombo dia milanja dimy kilao hatramin'ny sivy kilo sy sasany. Ny halavany hongony dia mitovy amin'ny fitambaran'ny vatany sy ny lohany. Tsisy rambo lava izy fa dimy santimetatra fo. Ny mason'ny babakoto dia fondrana na mahitso.

Ny babakoto dia karazana komba mandeha matsana fa tsy mitovy amin'ny haye haye izay mirendra amin'ny alina.

Miaigny amin'ny andian'ny roa hatramin'ny enina ny babakoto. Isampianakaviam-babakoto dia karaha token-tragno misy babany, reniny, ary zanany. Ary samby mikarakara ny zaza izy fivadiany mandrapahageda azy.

**Ny vaviny no mandidy-manapaka ny tokantrano mihoatra ny lahy, ary izy mihinana voalohany izikoa misy sakafo pare! Ny babakoto tsy mitady vady hafa izikoa tsy efa maty ny vady taloha.**



Ny Babakoto amin'ny faritry Andasibe dia fotsy be.

**Ny babakoto mihainy anatin'ny faritry fito ambiny folo hatramin'ny efapolo hekitara ary manaiky mafy izy ho famalavalana ny faritany misy azy. Ny feom-babakoto manalatro hatramin'ny araiky na aroa kilometatra ary ny andiany hafa mamaly avy any.**

**Mazana ny babakoto mihaiky manomboka amin'ny enigny hatramin'ny ray ary tena maresaka manomboka amin'ny fito ka hatramin'ny reika amin'ny folo. Isaka feo maharitra hatramin'ny dimy amby efapolo segondra hatramin'ny telo minitra! Indraikindraiky miaraka mampiady feo ny fivadiany.**

**Mafoaka amy fambokinana ambony kakazo ny babakoto. Babakoto araiky mahavita mitsam bikiny magnatratra folo metatra!**

**Manambady ny babakoto manomboka amin'izy feno fito taona na sivy taona. Ary ny vavy tsy afaka miteraka alohan'ny elanelany telo taona. Ka zainy mampahatonga ny fitoamboantaranaka miadana be!**

**Biboko mandritra ny dimampolo amby zato andro ny vavy. Mizohy ny reniny ny zanany hatramin'ny fahafenony roa taona. Miaraka mandry ny reniny sy ny zanany maharitra ela.**

## TANTARA NY BABAKOTO SY NY ZAZA VERY ANATY ALA

---

Amin'ny tany maro eto Madagasikara tsy mamono babakoto,  
na noho ny fady na noho ny fomba.

-----

Ny fokonolo manodidiny ny Parc National Andasibe dia manana angano maro. Ohatra tamin'ny fitoana araiky, nisy babakoto niara niainy tamin'ny zaza very anaty ala.

Ilay zaza very nihafatrafatra, natahotra. Nisy babakoto anaty ala nahareny ka nahay fa very ny zaza. Nijotso ambony tany ilay babakoto ka nanambitamby azy. Niaraka tamin'azy nentiny ambony kakazo ny zaza ary nikarakarainy nandritra ny alina.

Andro koa kiaka nanaraka ny fianakavianan' ny zaza very nitsakaraka. Nanantsonantso anarana ary vesoko nizaha. Ny babakoto nahareny ny antson'ny mpizaha zaza, ka namaly amin'ny feo mafy koa.

Iziko regniny mpizaha ny feombabakoto nanatono nizohy zareo. Ary iziko tonga tamin'ny kakazo nizy azy, dia nahita ny zaza sambatra sady salama!

Hatramin'izay ny babakoto nanjary havana ary nanjary finoana manokana ny tsy mamono sady tsy mihinana azy!



# NY BOKOMBOLO

Marojejy, Anjanaharibe-Sud, Makira

---

Ny lokony bokombolo amin'ny faritanintsika atsinanana Madagasikara dia mahizigni-aligny ary ny rambony dia mahizigni-aligny matoy. Ary ny vajihiny dia mazavazava ary fotsy lalandava ny bokony.

Amin'ny ity faritry ity ny bokombolo dia karazam-komba farany madiniky amin'ny Madagasikara dia “diurnal” na hoe mpandeha sady miasa mahatsana!

Tena mazana ny bokombolo dia mahery miasa amin'ny mifoha-kiaka na amin'ny vao maty masoandro. Amin'ny teny englisy, ny biby izay mahery miasa amin'ny mahizignizigny maraindrainy ndraiky aloha ny filatsaha ny aliny dia sokajiny hoe “crepuscular” izany hoe “mahery-aliny”.



Isaka misy fahafahana amin'ny fialandisaka dia mifoha izy, sady mamoka feo amin'ny aliny. Fa tena mazana na dia zeiny aza zareo maneno amin'ny mahiziniziny amin'ny maraindrainy.

Eo ho eo valopolo isan'ny jaton'ny bokombolon'ny antsinanana dia mivelono amin'ny valiha na volo. Ny tena hoaniny dia ny hōvaka amin'ny fotodrafi-mbaliha, ny ravimbao mbola malemy na ny atiny rantsany mbola malemitemy. Mihinana ravindraha hafa koa izy, voankajo, felana, na hovaka ahitry. Isan'andro ny andiam-bokombolo maharakotro dimanjato metatra anaty ala amin'ny fitadiavana sakafo.

Isaka andiam-bokombolo dia voahomana roa hatramin'ny sivy. Ny andiany vitsy dia voafetra hahafeno: vantodahiny, vadiny, ndraiky zanany. Ndraikindraiky mety misy hita andiam-bokombolo mandilatra komba raiky ambin'ny folo. Andiany be karaha zainy saiky mazana misy lahibeny maromaro, ndraiky vaviny.



Karazam-bokombolo mitovitovy amin' nintsika anaty ala amin' ny faritry  
Parc Nationale Ranomafana/Fianrantsoa, *Haplemur aureus*.

Isaka andiam-bokombolo mitaky atiala eo ho eo dimy ambin' ny folo hatramin' ny roapolo hekitara, arakaraka ny afontriran' ny valiha ampy hahavoky azy anatin' ny faritry.

Ny bokombolo tantsinanana mahizinaliny dia tena sarotiny amin' ny toby fonenany. Izany hoe tsy ikenjareo ho hisy andiankomba hafa hizedazedada hiray faritry aminjareo anaty ala aka. Misy fomba telo famaritanjareo ny faritaniny, karaha amboa, ndraikindraiky mamany isaka tehiteky ami-tany homboany mametraka makia manamariky fa nihinazy ny faritany. Ny bokombolo mampiasa makia avy amin' aininazy apetany amin' ny zavamaniry anatin'ny faritaninazy anaty ala. Mifanohitry amin'ny karazam-komba hafa izay manano ny faritany hoanin'ny havana jiaby! Izikoa misy firafaisana tafiditry anaty faritany, ny bokombolo mitreny ary miezaka mandroaka ny biby hafa any ivelany.

Saika matetiky zareo mitady sakafo mivôny ary ny bokombolo tia mandry ambony kakajo ambony. Any zareo voaharo helihely amin'ny fihazana maro na ohatra ny fosa (anarany sientifika *Cryptoprocta ferox*).

# MISY VONDRONO MIARO NY BOKOMBOLO AMINTSIKA AO AMIN'NY ANTANETIAMBO!



Na dia eto amin'ny faritry Andapa aza, dia misy vondrono miaro ny bokombolo izay miainy anatin'ny atiala hely marikitry azy. Ary mpizaha tany maro no tonga amin'ny Commune-njareo mba hianatra momba ny fomba na kolonsainy Tsimihety, ary mizaha ny komba sy ny biby samihafa miainy anatin'ny.

Ity vondrognolono ity dia ao Belaoka, agnatin'ny Commune Rurale Belaoka-Marovato. Ny "Association des Partenaires Ecotouristiques" (A.P.E.) dia vondrono mpikambana an-toearagna avy Andapa na Andapa manodidiny. Izay mioriny ao Matsobe. Ny A.P.E. dia mikambana aminandriamatoa RABARY Desire sy DOKO Valerie ao Matsobe mba hiaro folo hekitara amin'ny atiala mody-savoko ao antenin'ny Antanetiambo.

Anatin'ny atialan' Antanetiambo, na dia tsy atiala nanahary aza, efa feno hazo maniry hatramin'ny taogno maro taorian'ny nikapana azy namboliana fahizay. Misy karazam-biby mahafinaritra maro ao Antanetiambo, anisan'ny zainy ny tsitsihy, sy ny bokombolo.



**Ny mponiny jiaby ao Belaoka dia mahay tsara be fa fady ny manapaka kakazo, na malaka raha maniry, na biby avy amin'ny atialan' Antanetiampo. Sady miaro ity biby bokombolo izay miainy ao. Fiarovana ny Antanetiampo, ny A.P.E., RABARY Desire, DOKO Valerie, sy ny mponiny jiaby anatin'ny Commune Rurale Belaoka-Marovato, dia samy miara miaro ilay komba hafahafa. Sady amin'izay koa manampy ny famokarana ny vary eny an'tanimbary manodidiny ny tanety.**

**Akory ataon'ny atiala mahavita miaro ny famboliam-bary manodidiny azy? Na dia ohatra aza tsis'sy barrage na tohadrano amin'ny fartira manodidiny Andapa, ka tsy ampy ny oranandro amin'io faritra io, i Andriamatoa RABARY Desire dia mahatsapa fa ny tanim-bary manodidiny Antanetiampo dia voatahiry mando lalandava.**

**Izany dia nohon'ny kakazo avy ambony tanety manampy mikajy rano avy amin'ny fomba fiainany sy ny habakabaka ka mandrotsaka izainy amin'ny tany, ary manapariaka azy amin'ny tanim-bary. Izikoa ny tanety nodorana ka tonga ny orandandro, ny riaka mitondra ny nofon-tany, ka manototro beda ny saha.**



**Farany, ny fananana kakazo efa geda maniry ao amin'ny atiala ny Antanetiampo, dia mamatsy toerana ao amin'ny vorona isan-karazany. Ohatra ny kilandy. Mba hatory ao amin'ny alina. Ny zaza madiniky ao amin'ny Belaoka-Marovato indraikindraiky nihaza kilandy amin'ny filesy taloha. Fa amizao zareo efa mahay tsara be fa iregny vorono ireny dia manampy amin'ny famboliam-bary noho izy mihinana ny biby izay mandratra ny vary!**



# TSY AZO MITARIMY ANKOMBA!

---



Mbola misy olona ratsy fanaha mitarimy ankomaba karaha *Eulemur coronatus* ity an'tranonjareo.  
Ankomba tokony mipetraka anaty ala fa tsy an'tanana!

**Hatramin'ny izao, na efa nisy fampianarana maro momba ny tontolo iainana, aza ezaka mafy natao ny WCS Makira, na ny ANGAP, mbola misy olona ratsy foana, anatin'ny faritra Sambava ndraiky Andapa ndraiky Maroantsetra, mitarimy ankomba an'trano anaty vala!**

**Ankomba aby tariminy ireny tsy maintsy malaky marary aveo maty satria zareo tsy mahazo sakafo voarindra sady tsy nanahary ny hiainany ivelan'ny atiala. Izay olona mividy ankomba mahay tsara be fa izy mandika lalàna. Ary mahazo onono akory ataon'ny loza vitany!**

**Anao koa mahita ankomba amidy anolakolaka, tena matomboko ny tsy hividiananao azy! Aveo ny hivolananao amin'ny tompony fa izy manano ota geda! Izainy ny tokony hananovanao tatitry amin'ny fandriampahalemana.**

**Iziko atsika vahoaka manohy mihaza na mamandriky ankomba, izay mampalaza ny atialantsika ho losombalana izio tsy ho ela. Ary ho losombalana koa ny laza ny mahafirenena miavaka atsika (izay tsisy amin'izao tontolo izao afa tsy eto Madagasikara!) kanefaka firenenantsika mbola mijaly arapivilomana. Alohy atsika jiaby hianatra momba ny ankomba!**

# RARANA NY MANIFITRA ANKOMBA!

---

**Hatramin'izao indraiky mbola misy fo olona mihaza ankomba anaty ala mandafo azy, homana azy, atao sakafo. Na eto amin'ny faritra Makira, Anjanaharibe-Sud sy Marojejy!**

**Iziko a nao, sakinao mihinana raha mitovitovy aminao?**

**Na amin'izao aza zahay mahay tsara be fa misy hotely mpanao commande ankomba ndraiky babakoto atao kabaka na ro amin'ny hotely. Io raha io efa voarara mafy ara-panjakana fa fady ary mahavoasazy mafy.**

**Anao koa mahita henankomba amidy, fantaro fa tsy tokony hividy azy anao!**

**Ary tokony hanambara fa manano fahotana geda izay magnano zegny.**

**Iziko a tsika mbola manohy mamono ankomba tsy ho ela tapitry taranaka iz io ka tsy ho hisy eky hizahavan'ny zanakatsika na ny zafintsika.**

**Io raha io dia lozabe hoantsika sady hagnafoagna ny fizahantany mampirohotro ny mpivahiny maro avy ivelany izay mampidi-bola be hoan'i Madagasikara!**

**Zanany  
Bokombolo  
maty nividin'ny  
olona.**

**Mampalahelo  
be!**



---

## FEHINY

---

**Ü** *Tsara anjara i Madagasikara sy ny olona avy amin'ny faritra Andapa sy Maroantsetra fa manana ireo biby sy zava-maniry ireo karaha ny simpona fotsy, ny babakoto, sy ny bokombolo!*

**Ü** *Ny mpanao fikarohana sy ny mpizahatany eran-tany no tonga eto Madagasikara amin'ny Parc National Marojejy, ny Reserve Speciale d'Anjanaharibe Suds sy Makira mba hankafy ireo biby sy zava-maniry mahavariana ireo!*

**Ü** *Ny olona avy amin'ny faritra Andapa sy Maroantsetra dia mahazo tombontsoa amin'ny fiarovana azy ireo!*



**Izao misy mpikambana avy amin'ny Association des Guides du Parc Nationale Marojejy mianatra ny fomban'ny simpona fotsy dia mitady azy anaty ala! Amizainy atsika mahavita miaro azy niany, sady tsy ho losombalana zareo amarainy!**